



VAOVAO AVY AMIN'NY MPONINA ANY IHOROMBE IZAY AMPIASAIN'NY ORINASA TOZZI GREEN NY TANINY

Ny Fetin'ny Mpiompy Omby Tampon'Ihorombe, izay nampahafantarina ny besinimaro tamin'ny volana Jolay, dia fotoana lehibe nanehoan'ny mpiompy omby sy ny mponina ny firaisankinany, ny fahavononany hiaro ny tanin'omby ary ny fahavononany hiaro ny asa sy ny antom-pivelomana iankinan'ny taranaka maro. Tonga nanome voninahitra izany hetsika izany ny manam-pahefana isan-tsokajiny sy ny mponina avy amin'ny fokontany maro. Nampiseho izany fa manana lanja lehibe eo amin'ny fiarahamonina ny fiompiana omby . Ny tena hafatra nentin'ity fety ity dia ny fanamafisana ny firaisankinan'ny mpiompy omby manoloana ny olana mahazo ny tanin'omby, indrindra ny ahiahy sy ny fitarainana mahakasika ny fanangonan-tany ataon'ny orinasa Tozzi Green.

Ho an'ny mpiompy, tsy tany tsotra fotsiny ny tanin'omby, fa fototry ny asa, loharanom-pivelomana ary lova tokony hafindra amin'ny taranaka. Noho izany dia naneho fahavononana ny mpiompy sy ireo Lonaky mba hiara-hijoro, hifanohana ary hitaky ny fanajana sy fiarovana ny tanin'omby.

Notsindrin'ireo Lonaky manokana fa adidin'ny taranaka ankehitriny ny miaro ny tany sy ny lova navelan'ny razana, mba ho voatazona ka natao ny fombafomba ara-pombandrazana amin'izany mba tsy ho very. Araka izany, ny Fetin'ny Mpiompy Omby Tampon'Ihorombe dia lasa seho iray lehibe maneho ny firaisankina sy ny feon'ny mpiompy, ary mampahatsiahy fa ny fiarovana ny tanin'omby dia andraikitra iombonan'ny mponina rehetra.

Ankoatr'izay, tamin'ny volana Jolay iny, dia nanaitra sy nahagaga ny manodidina ny fisian'ny **fitokonan'ny mpiasan'ny orinasa Tozzi Green (main d'oeuvre)** tao Ihorombe nandritry ny herinandro maromaro noho ny fisian'ny fahataran'ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa, nandritry ny fotoana maharitra noho ny fahatarana mahazatra, satria isa-kerinandro no tokony handray karama izy ireo.

Hita tany amin'ny gazety tamin'ny fiandohan'ny volana Septambra fa nanao **fitsidihina tany amin'ny kaominina telo isian'ny fanofàna tany aman'arivo-na hekitara ataon'ny orinasa Tozzi Green ny solontenan'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy**. Voalaza fa ny anton-diany dia nanao fitiliana mahakasika ny fizotry ny asa sy ny fitantanana ny loharanon-karena ary ny fandraisan'angaran'ny mponina ao an-toerana manodidina ny fambolentan-kazo izay nirosoan'ny orinasa mba hivarotana « crédit carbone » (2). Maro ny mponina no nifametra-panontaniana momba ity fitsidihina ity satria sady tsy nomena fanasàna no tsy nahazo akony momba izany famoriana voalaza fa « hanangonana ny fanamarihana avy amin'ny mpisehatra eo an-toerana izany » . (3)

Efa olana nitarainan'ny mponina hatry ny taona maro ka nandefasan'ireo fikambanana amin'ny firaisamoni-pirenena fanambaràna tany amin'ny governemanta italiana sy ny bankim-panjakàna ho an'ny fampandrosoana avy amin'ny firenena roa, izay namatsy vola io orinasa io, ny **tsy fiantsoana ny fikambanana manan-danja ao amin'ity faritra ity rehefa misy fakan-kevitra sy fifanakalozana** momba ny orinasa, nefa toa mitady hiverina indray ? (4)

Ankoatr'izay dia ny fivoahan'ny **lahatsoratra maro** nosoratan'ny mpikaroka sy mpanao gazety avy amin'ny firenena samihafa **momba ny zava-misy ao amin'ny kaominina telo ao Ihorombe** manana tany midadasika ofain'ny orinasa no tena nisongadina. Mitaratra ny votoatin'izy ireo ny lohahevitra farany manao hoe : **Tolona eo an-toerana sy fiarovana ny tontolo iainana - Madagasikara: Ady momba ny tany naharitra dimy ambin'ny folo taona tao Ihorombe (5)** Araky ny efa nampanantenaina, dia hadika teny Malagasy ny votoatin'izy ireo ao aoriana raha eken'ireo nanoratra azy. Anisan'ny navoitran'izy ireo ny fangatahan'ny lonaky sy ray amandreny ao an-toerana, efa nentiny hatrany amin'ny Fanjakàna Foibe, momba ny tokony hamerenan'ny orinasa amin'ny mponina ny taniny ampiasainy.

Ny fanontaniana apetraky ny mponina sy fikambanana nifananakalo hevitra momba ny ho votoatin'ity akom-baovao ity dia manao hoe : Sao ary ny mason-tsivana ampiasaina dia mifantoka amin'ny hevitra hoe ny mponina tsy manana tanindrazana ao amin'ireo communes telo ao Ihorombe ireo no antsoina hivory sy hifanakalo momba ny asan'ny orinasa ? Fa ny tena mpiavy avy ao, izay miraiki-po sy manana adidy amin'ny razambeny sy ny taranany fara-mandimby, tsy antsoina hivory sy hakàna hevitra satria fantatra fa hiaro ny zony sy ny kolontsainy ?

7 oktobra 2026

Komity Miaro ny Tany Tampon'Ihorombe – Comité pour la Défense des Terres Plateau d'Ihorombe

Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy - Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY

Rakitra nanovozan-kevitra

- (1) <https://terresmalgaches.info/collectif-tany-fete-des-eleveurs-de-zebus-du-plateau-dihorombe>
- (2) <https://www.facebook.com/photo/?fbid=1599943278208332&set=a.212696826932991>
- (3) <https://www.facebook.com/100070852334709/posts/1087861283585606/?rdid=uT8JLDN4NMhoiXBw#>
- (4) <https://terresmalgaches.info/lettre-ouverte-tozzi-green-la-reponse-de-tozzi-green-newsletter-n217/>
- (5) <https://afriquexxi.info/A-Madagascar-quinze-ans-de-conflit-foncier-dans-l-ihorombe> ;
<https://www.foncier-developpement.fr/publication/insurgent-citizenship-for-ancestral-rights-pastoralists-resistance-to-land-dispossession-in-madagascar/> ;
<https://farmlandgrab.org/post/33654-research-on-the-impacts-of-tozzi-green-s-carbon-plantation-land-grab-in-madagascar-the-company-has-brought-poverty-to-ihorombe>;
<https://farmlandgrab.org/post/33643-questions-raised-about-finnfund-s-support-to-tozzi-green-s-land-grab-for-carbon-plantations-in-madagascar>
<https://farmlandgrab.org/post/33606-finnfund-is-funding-a-controversial-climate-project-in-madagascar>

